# “Eny tokoa, ireo olo-marina eo anatrehan'Allah dia eo amin’ny lampihazon’ny hazavana, eo ankavanan’Ilay Be Indrafo sy Be voninahitra, ary ny tànany roa dia ankavanana avokoa

Tatitra azo avy tamin'i Abdoullahi Ibn Amrou (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.A.W) : “Eny tokoa, ireo olo-marina eo anatrehan'Allah dia eo amin’ny lampihazon’ny hazavana, eo ankavanan’Ilay Be Indrafo sy Be voninahitra, ary ny tànany roa dia ankavanana avokoa, Ireo izay marina amin’ny fitsarany, sy amin'ny fianakaviany, ary ireo izay iadidiany».
[Sahih/Authentic.] [Muslim]

Milaza amintsika i Mpaminany (S.W.A) fa ireo izay mitsara ara-drariny sy am-pahamarinana eo amin'ny olombelona ambany fifehezany sy ny fitondrany ary ny fianakaviany, dia izy ireny no voalaza fa hipetraka amin’ny seza avo, ambony izay vita tamin’ny fahazavana, ho fanomezam-boninahitra azy ireo amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty. Ireo lampihazo ireo dia eo an-kavanan’ilay Be famindrampo, ilay Avo Indrindra, ary ny tànan'Allah roa, dia ankavanana avokoa.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee